## MINISITERAN' NY ASAM-PANJAKANA SY NY ASA ARY NY LALANA SOSIALY

### DIDIM-PANJAKANA LAHARANA FAHA-2011-626
**ampiharana ny lalàna laharana faha-2003-044 tamin' ny 28 jolay 2004 anaovana ny Fehezan-dalàna momba ny asa, mikasika ny ady atao amin' ny tsimok' aretina *VIH/SIDA* eny anivon' ny toeram-piasana**

Ny Praiminisitra, Lehiben' ny Governemanta,

Araka ny Lalàmpanorenana,

Araka ny lalàna laharana faha-2003-044 tamin' ny 28 jolay 2004 anaovana ny Fehezan-dalàna momba ny Asa,

Araka ny lalàna laharana faha-2005-040 tamin' ny 20 febroary 2005 mikasika ny ady atao amin' ny tsimok' aretina *VIH/SIDA* sy ny fiarovana ny zon' ny olona miaina miaraka amin' ny tsimok' aretina *VIH/SIDA*,

Araka ny didim-panjakana laharana faha-2003-1 162 tamin' ny 17 desambra 2003 andaminana ny fitsaboana eny amin' ny Orinasa sy ireo rijan-teny fampiharana ao aminy,

Araka ny didim-panjakana laharana faha-2005-329 tamin' ny 31 mey 2005 ananganana ny Filankevi-pirenena momba ny Asa,

Araka ny didim-panjakana laharana faha-2006-902 tamin' ny 19 jona 2006 ampiharana ny lalàna laharana faha-2005-040 tamin' ny 20 febroary 2005 momba ny ady atao amin' ny tsimok' aretina *VIH/SIDA* sy ny fiarovana ny zon' ny olona miaina miaraka amin' ny tsimok' aretina *VIH/SIDA*,

Araka ny didim-panjakana laharana faha-2011-137 tamin' ny 16 marsa 2011 manendry ny Praiminisitra, Lehiben' ny Governemanta,

Araka ny didim-panjakana laharana faha-2011-140 tamin' ny 26 marsa 2011 manendry ireo mambra ao amin' ny Governemanta,

Araka ny didim-panjakana laharana faha-2010-723 tamin' ny 13 jolay 2010 manondro ny anjara raharahan' ny Minisitry ny Asam-panjakana sy ny Asa ary ny Lalàna Sosialy, ary koa ny fandaminana ankapobe ny Minisiterany

Araka ny fanambarana iombonan' ny telo tonta tamin' ny 26 aprily 2005 mikasika ny ady atao amin' ny *IST* sy ny tsimok' aretina *VIH/SIDA* eny anivon' ny toeram-piasana;

Araka ny didim-pitondrana laharana faha-36 203/10-MFPTLS tamin' ny 12 oktobra 2010 manendry ireo mpikambana ao amin' ny Filankevi-pirenena momba ny Asa,

Araka ny fanapahana laharana faha-603-MFPTLS/DSST/SPSMT momba ny fampahafantarana ny besinimaro ny modelin' ny Sata lasitry ny Sampan-draharaha momba ny fitsaboana iraisan' ny orinasa,

Araka ny tolo-kevitry ny Minisitry ny Asam-panjakana sy ny Asa ary ny Lalàna Sosialy,

Dia mamoaka izao didim-panjakana izao :

### LOHATENY VOALOHANY
### FEPETRA ANKAPOBENY

TOKO VOALOHANY

**Ny amin' ny ady atao amin' ny tsimok' aretina *VIH/SIDA* eny anivon' ny toeram-piasana**

Andininy voalohany. – Ho fampiharana ny andininy faha-110 amin' ny lalàna laharana faha-2003-044 tamin' ny 28 jolay 2004 anaovana ny Fehezan-dalàna momba ny Asa ny mpampiasa rehetra dia tsy maintsy :

## MINISTERE DE LA FONCTION PUBLIQUE, DU TRAVAIL ET DES LOIS SOCIALES

### DECRET N° 2011-626
**portant application de la loi n° 2003-044 du 28 juillet 2004 portant Code du Travail, relatif à la lutte contre le VIH/SIDA en milieu de travail**

Le Premier Ministre, Chef du Gouvernement,

Vu la Constitution,

Vu la loi n° 2003-044 du 28 juillet 2004, portant Code du Travail,

Vu la loi n° 2005-040 du 20 février 2005 sur la lutte contre le VIH/SIDA et la protection des droits des personnes vivant avec le VIH/SIDA,

Vu le décret n° 2003-1 162 du 17 décembre 2003 organisant la médecine d'Entreprise et ses textes d'application,

Vu le décret n° 2005-329 du 31 mai 2005 portant création du Conseil National du Travail,

Vu le décret n° 2006-902 du 19 juin 2006 portant application de la loi n° 2005-040 du 20 février 2005 sur la lutte contre le VIH/SIDA et la protection des droits des personnes vivant avec le VIH/SIDA,

Vu le décret n° 2011-137 du 16 mars 2011, portant nomination du Premier Ministre, Chef du Gouvernement,

Vu le décret n° 2011-140 du 26 mars 2011, portant nomination des membres du Gouvernement,

Vu le décret n° 2010-723 du 13 juillet 2010 fixant les attributions du Ministre de la Fonction Publique, du Travail et des Lois Sociales ainsi que l'organisation générale de son Ministère,

Vu la déclaration tripartite du 26 avril 2005 sur la lutte contre le IST et le VIH/SIDA en milieu de travail,

Vu l'arrêté n° 36 203/10-MFPTLS du 12 octobre 2010 portant nomination des membres du Conseil National du Travail,

Vu la décision n° 603-MFPTLS/DSST/SPSMT portant publication du modèle de Statut type des Services Médicaux Interentreprises,

Sur proposition du Ministre de la Fonction Publique, du Travail et des Lois Sociales,

Décrète :

### TITRE PREMIER
### DISPOSITIONS GENERALES

CHAPITRE PREMIER

**De la lutte contre le VIH/SIDA en milieu de travail**

Article premier. – En application de l'article 110 de la loi n° 2003-044 du 28 juillet 2004, portant Code du Travail, tout employeur est tenu :

- mampiditra ao anatin' ny fandaharanasa ara-tsosialy ao amin' ny orinasany ny lohahevitra *VIH/SIDA/IST*;
- mandray ireo fepetra ilaina mba hisorohana izay rehetra fifindran' ny *VIH/SIDA* eny amin' ny toeram-piasana, ary manalefaka ny fiantraikan' izany amin' ny alàlan' ny fandefasana ny marary eny amin' ny toeram-pitsaboana manokana ho amin' izany,
- mandrara ny fanavakavahana rehetra mifototra amin' ny toetry ny ràn' ny mpiasa iray.

And. 2. – Ny mpiasa tsirairay dia manana zo hahalala sy hampahafantarina mikasika ny *VIH/SIDA* eo amin' ny toeram-piasany.

And. 3. – Raràna izay rehetra fanilikilihana, mety hiseho amin' ny alàlan' ny fandroahana mpiasa mifototra fotsiny ihany amin' ny toetry ny rany mitondra tsimok' aretina *VIH* tena izy na tombantombana.

And. 4. – Ny fanaovana fitiliana ny rà ho an' ny *VIH/SIDA* dia tsy tokony ho takiana mandritra ny fizaham-pahasalamana mialoha ny hidirana miasa, ny fizaham-pahasalamana ahafahana miasa ary ny fizaham-pahasalamana fanao mahazatra.

LOHATENY II
**FEPETRA SAMIHAFA**

And. 5. – Ny fandikana ireo fepetra voalazan' ity didim-panjakana ity dia iharan' ny sazy voalazan' ny Fehezan-dalàna momba ny Asa. (jereo. Lohateny IX).

And. 6. – Foanana ary dia foana ny fepetra rehetra telo aloha, mifanohitra amin' ity didim-panjakana ity.

And. 7. – Ny Minisitry ny Asam-panjakana sy ny Asa ary ny Lalàna Sosialy sy ny Minisitry ny Fahasalamam-bahoaka, no miandraikitra araka ny tandrify azy avy ny fampiharana ity didim-panjakana ity izay ho raiketina am-boky sy havoaka ao amin' ny Gazetim-panjakan' ny Repoblika.

Antananarivo, ny 11 oktobra 2011.
Albert Camille VITAL.

Avy amin' ny Praiminisitra,
Lehiben' ny Governemanta :
*Ny Minisitry ny Fahasalamam-bahoaka,*
RAJAONARISON Pascal Jacques,.
*Ny Minisitry ny Asam-panjakana sy ny Asa ary ny Lalàna Sosialy,*
RASAMOELINA Henri.

---

Noho ny didim-panjakana laharana faha-2011-631 nataon' ny Praiminisitra, Lehiben' ny Governemanta, tamin' ny 11 oktobra 2011.

LOHATENY VOALOHANY
**FEPETRA ANKAPOBENY**
TOKO VOALOHANY
**Ny amin' ny fitsaboana arak' asa**

Ny fepetra voalazan' ny andininy voalohany amin' ny didim-panjakana laharana faha-2003-1 162 tamin' ny 17 desambra 2003 andaminana ny Fitsaboana any amin' ny Orinasa dia ovàna toy izao manaraka izao :

Izay rehetra vatantenan' olona na fikambanana misahana asa aman-draharaha na inona na inona karazany ka mampiasa mpiasa mpikarama iray na maromaro araka izay faritan' ny Fehezan-dalàna momba ny Asa dia tsy maintsy miditra ho mpikambana amin' ny Sampan-draharaha ara-pitsaboana momba ny Asa izay nahazo alàlana ara-dalàna tany amin' ny Minisitera misahana ny Asa.

Ny fepetra voalazan' ny andininy faha-5 (andàlana *b*) ao amin' ny didim-panjakana laharana faha-2003-1 162 tamin' ny 17 desambra 2003 andaminana ny Fitsaboana any amin' ny Orinasa dia ovàna toy izao manaraka izao :

*Andàlana b vaovao* : ho an' ny mpiasa irery ihany :
- fizaham-pasalamana fanao mahazatra;
- famatsiana sakafon' ny mpiasa marary tsaboina eo an-toerana izay atokana eo am-piandrasana ny fandefasana azy any amin' ny toeram-pitsaboana;
- fanabeazana ny mpiasa mikasika ny Fahasalamana sy ny Fiahiana arak' asa;

- d'intégrer dans le programme d'activité sociale de son entreprise le volet VIH/SIDA/IST;
- de prendre des mesures nécessaires pour éviter toute contamination du VIH/SIDA sur les lieux de travail, et atténuer ses effets en orientant le malade vers un centre médical spécialisé;
- de proscrire toute discrimination fondée sur le statut sérologique d'un travailleur.

Art. 2. – Tout employé a droit d'être informé et sensibilisé sur le VIH/SIDA/IST dans son lieu de travail.

Art. 3. – Est interdite toute exclusion, pouvant se manifester à travers les licenciements des employés fondés seulement sur leur statut sérologique VIH positif, réel ou présumé.

Art. 4. – Le test sérologique pour le VIH/SIDA n'est pas obligatoire au cours des visites d'embauche, visite médicale d'aptitude et visite médicale systématique.

TITRE II
**DISPOSITIONS DIVERSES**

Art. 5. – Les infractions aux dispositions du présent décret sont punies des peines prévues dans le Code du Travail. (Cf. Titre IX).

Art. 6. – Sont et demeurent abrogées toutes dispositions antérieures, contraires à celles du présent décret.

Art. 7. – Le Ministre de la Fonction Publique, du Travail et des Lois Sociales et le Ministre de la Santé Publique sont chargés, chacun en ce qui le concerne, de l'application du présent décret qui sera enregistré et publié au Journal officiel de la République.

Antananarivo, le 11 octobre 2011.
Albert Camille VITAL.

Par le Premier Ministre,
Chef du Gouvernement :
*Le Ministre de la Santé Publique,*
RAJAONARISON Pascal Jacques.
*Le Ministre de la Fonction Publique, du Travail et des Lois Sociales,*
RASAMOELINA Henri.

---

Par décret n° 2011-631 du Premier Ministre, Chef du Gouvernement, en date du 11 octobre 2011,

TITRE PREMIER
**DISPOSITIONS GENERALES**
CHAPITRE PREMIER
**De la médecine du travail**

Les dispositions de l'article premier du décret n° 2003-1 162 du 17 décembre 2003 organisant la Médecine d'Entreprise sont modifiées comme suit :

Toute personne physique ou morale exerçant une activité de quelque nature que ce soit employant un ou plusieurs travailleurs salariés tels que ceux-ci sont définis par le Code du Travail est tenue de s'affilier à un Service Médical du Travail dûment autorisé par le Ministère chargé du Travail.

Les dispositions de l'article 5 (alinéa b) du décret n° 2003-1 162 du 17 décembre 2003 organisant la Médecine d'Entreprise sont modifiées comme suit :

*Alinéa b nouveau* : aux travailleurs uniquement :
- visite médicale systématique;
- alimentation des travailleurs malades soignés sur place dans un endroit isolé en attendant leur évacuation;
- éducation des travailleurs en matière d'Hygiène et de Sécurité au Travail;